8e PV
PV no 59 (PGE-R)

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2025

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION
----------------
SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES
----------------

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-59

**FANOLORANA MANOLOANA NY ANTENIMIERAMPIRENENA NY FANDAHARAN'ASA HO FANATANTERAHANA NY POLITIKAM-PANJAKANA ANKAPOBENY HO AN'NY FANAVAOZANA IFOTONY (PGE-R), NATAON'Andriamatoa RAJAONARIVELO Herintsalama, PRAIMINISITRA LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA**

Fivoriana faha-8
Natao ny
Talata 18 Novambra 2025
- Maraina -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA :** Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry

**MPITANTSORATRA :** - Andriamtoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
- Ramatoa RAHARIMANARIVO Voahanginiaina Berthine

**FOTOANA :** Talata 18 Novambra 2025, tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA :** Fanolorana manoloana ny Antenimierampirenena ny fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politikam-panjakana Ankapobeny ho an'ny Fanavaozana Ifotony (PGE-R), nataon'Andriamatoa RAJAONARIVELO Herintsalama, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta.

- Lakolosy -

**- 1 -**
**- Fitohizan'ny fivoriana -**

**Andriamatoa FILOHA**
Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriantsika.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka rehetra tonga manatrika izao fivoriana izao.
Arahabaina manokana ihany koa ianao, Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta sy ianareo Minisitra sy ny teknisiana miaraka aminareo.

Iangaviana ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

**Ramatoa RAHARIMANARIVO Voahanginiaina Berthine**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anao Andriamatoa Filoha.
Miarahaba manokana anao koa, Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta sy ianareo Minisitra ary ny mpiara-miasa rehetra.
Miarahaba antsika Solombavambahoaka rehetra.
Miarahaba ny mpanao gazety ihany koa.

Izao dia hiroso amin'ny fiantsoana anarana isika.
AFAKANDRO Christian
…………………………………………………….
……………………………………………………………..
……………………………………………………………………………….
VOLOLOMBOAHANGY Tsiriniaina Narindra.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra Ramatoa Mpitantsoratra.

Satria tamin'ny 2 ora, maraina, teo vao tapitra ny fandaharam-potoana niarahana tamin'ny mpikambana sasany ao amin'ny Governemanta, ka ho an'ny Solombavambahoaka izay tara, mba omena ny mpandraharaha ny laharana dia aterina etỳ anoloana.

Ny fandaharam-potoanantsika amin'izao maraina izao dia fivoriambe hanoloran'Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta eto anatrehan'ny Antenimierampirenena ny fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politikam-panjakana Ankapobeny ho an'ny Fanavaozana Ifotony (PGE-R) araka ny voalazan'ny Lalàmpanorenana.

Iangaviana ny Mpitantsoratra mba hamaky ny andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

**Ramatoa RAHARIMANARIVO Voahanginiaina Berthine**
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Andininy 99-n'ny Lalàmpanorenana: Ao anatin'ny telopolo andro nanendrena azy no anoloran'ny Praiminisitra ny fandarahan'asany momba ny fampiharana ny politika ankapoben'ny Fanjakana amin'ny Antenimiera izay afaka manome tolo-kevitra.

Raha tsapan'ny Governemanta eo am-panatanterahana ny asa fa misy fanovàna fototra tokony hatao amin'io fandaharan'asa io dia entin'ny Praiministra eny amin'ny Antenimierampirenena izay afaka manome tolo-kevitra izany fanovàna izany.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra ny Mpitantsoratra isika namaky izay andinin-dalàna izay.

Tompokolahy sy Tompokovavy, izao dia omena an'Andriamatoa Praiminisitra avy hatrany ny fitenenana hanolorany amintsika ny fandaharan'asan'ny Governemanta amin'ny fampiharana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana.

Miangavy anao, Andriamatoa Praiminisitra, mba hiroso etỳ anoloana ary omena anao, Tompoko ny fitenenana.

**- 2 -**

**- Fanolorana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana (PGE-R), nataon'Andriamatoa RAJAONARIVELO Herintsalama, Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta -**

**Andriamatoa RAJAONARIVELO Herintsalama, Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta**
Mankasitraka indrindra Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa hajaina Filohan'ny Antenimierampirenena;
Ianareo mpikambana amin'ny Birao Maharitra;
Ramatoa sy Andriamatoa isany Solombavambahoaka;
Ianareo vahiny manan-kaja;
Ry Mpiray Tanindrazana.

Voalohany indrindra dia tsy haiko ny tsy hitodika amin'Andriamanitra satria ny fahefana an'ny mpitondra, ny teny an'ny Ray aman-dReny, ny famaky an'ny mpian'ala, ny fivoy an'ny lakana fa ny aina kosa an'ny Zanahary tokana ka hatolotsika Azy ny dera sy ny laza ary ny voninahitra izay efa Azy omaly anio ary mandrakizay.

Ramatoa sy Andriamatoa isany Solombavambahoaka,
Am-panetren-tena tanteraka, noho ny fahatakarana ny tombotsoam-panjakana ary amin'ny fahafantarana tsara izay andrandrain'ny vahoaka Malagasy no andraisako fitenenana etoana manoloana ny Antenimierampirenena.

Manan-danja manokana amin'ny fiainam-pirenena ny vanim-potoana lalovantsika ankehitriny. Tsy hoe fombafomba ara-pitantanan-draharaha fotsiny na zary fanadinana imasonareo, fa fotoam-bita goavana amin'ny tantaran'ny Repoblika: fanehoana ampahibemaso ny PMO/PGE-R (fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politikam-panjakana Ankapobeny ho an'ny Fanavaozana Ifotony), izay drafitra stratejika hitantana ny raharaham-panjakana mandritra ity fotoan-tsarotra ity.

FIRENENA MIANDRANDRA MARAINA VAO
Nisy fitroarana tsy manam-paharoa nipoiran'izao Fanavaozana Ifoton'ny Repoblika izao. Teraka tamin'ny finiavan'ny vahoaka tsy refesi-mandidy sahy niteny hoe: ampy izay.

Ampy izay ny tsy rariny mampisara-bazana, ampy izay ny afinafina miteraka ahiahy tsy ihavanana, ampy izay ny fanararaotana mamotika ny rafitra iombonana ary mamono antoka ny ho avin'ny rehetra.
Tsy azo atao varoboba na tantely afa-drakotra intsony tahaka ny fanao hatrizay ny fitantanana ny firenena. Niabo tokoa ny nandrasana, nihamasaka ny foto-kevitra demokratika, mitady fanovàna lalina ny olom-pirenena.

Fanavaozana an'i Madagasikara, tsy hoe fanamboarana teknika fotsiny. Mitaky fandrafetana tokim-piaraha-monina vaovao, ankinina amin'ny fandraisan'andraikitra, ny rariny, ny mangarahara ary ny fandraisan'ny vahoaka anjara. Manavao hilanto ny fifampitondrana amin'ny Fanjakana sy ny olom-pirenena tsirairay mba hiverenan'ny fifampitokisana antoky ny demokrasia mafy orina.

Noho izany indrindra, eo ambany fahefana ambonin’ny Filohan’ny Fanavaozana ny Repoblikan’i Madagasikara no hirosoan’ny Governemanta amin’ny Fanavaozana Ifotony: hametraka mangarahara, ady amin’ny kolikoly, fitondrana tsara tantana. Ho asanay mandritra ny efatra amby roapolo volana manaraka farafahaelany izany.

POLITIKAM-PANJAKANA ANKAPOBENY: IREO FOTOTRA SY NY ANDRAIKITRA

Ny Politikam-panjakana Ankapobeny ho an’ny Fanavaozana Ifotony no ho ody tamberin-tany amin’izao kihon-dàlana amin’ny tantaran’ny firenena izao. Tsy sanatria ka takelaka hafa fotsiny hatovona antontan-taratasy mahazatra, fa tena maritranon’ny tetezamita ara-drafitra, fanilon’ny safidy hiaraha-manana ho fanarenana an’i Madagasikara.

Telo loha ireo fototr’ity Politika Ankapobeny ity.

Voalohany: ny hasin’ny Fanavaozana dia izy teraka tamin’ny fitakian’ny vahoaka Malagasy masimandidy. Ny vahoaka no nitaky ny famerenana amin’ny laoniny ny fitantanan-draharaha.

Faharoa: tojo fitakiana saro-pady ny fiaraha-monina dia ny famerenana indray ny fifampitokisana. Fahatokisana ny Andrimpanjakana, fahatokisana ny Fanjakana, fahatokisana ny Fitsarana. Tsy hisy Fanavaozana ho vanona raha tsy misy fahatokisan’ny vahoaka. Ho vaindohan-draharaha mihitsy izany famerenam-pitokisana izany.

Fahatelo: hanarina lalina ary maharitra. Fanarenana ara-politika amin’ny fanamboarana ny lasitra sy ny fitsipi-dalao ara-demokratika. Fanarenana ny toe-tsaina amin’ny fametrahana fahamendrehana sy fahamarinana eo amin'ny raharaham-panjakana. Fanarenana ara-drafitra amin’ny fametrahana Fanjakana mifanaraka amin’ny soatoavina manaja ny fisarahana sy fifandanjam-pahefana. Fanarenana ara-toekarena amin’ny fametrahana fepetra hisian’ny fitomboan’ny harin-karena mahazaka sedra ary iaraha-manana.

Izany no adidiy masina ara-tantara ankinina aminay Governemanta. Manana adidy ihany koa izahay hikarakara fikaonan-doham-pirenena malalaka, azo itokisana, tsy manavaka hanomana sy hiantoka fifidianana mangarahara eken’ny rehetra ary farany dia ny hahatomombana ny famindram-pahefana araka ny fenitra demokratika andrandrain’ny vahoaka Malagasy.

FIHEVITRA ILAY MADAGASIKARA VITA FANAVAOZANA IFOTONY

Tsy ho tentina amin’ny hirika fotsiny ny Fanavaozana eritreretina fa tena fanovan-drafitra hatrany amin’ny fototra mihitsy. Hanangana Madagasikara ara-drariny mitsinjo ny rehetra. Firenena ahafahan’ny isam-batan’olona manantena ny ho aviny ampahatokisana.

Izany fihevitra izany dia afaka mizara efatra.

Voalohany amin’ireo dia ny Fanjakana ara-drariny, ara-pahamarinana atrehi-mahefa ary iamboho-mahavita.

Ny faharoa dia ny fiaraha-monina ao anatin’ny fifampitsinjovana sy tsimialonjafy mitazona ny soatoavina Malagasy.

Ny fahatelo dia toekarena mahavokatra afaka mifaninana ary ara-drariny. Toekarena mahaforona asa maharitra, manome lanja ny harena eto an-toerana, ny famoronana, ny fandraharahana ary misandrahaka amin'ny seha-pihariana maro. Toekarena manome sehatra ny tanora, ny vehivavy ary isitrahan'ny isan-tokantrano ara-drariny ny tombon'ny harin-karena.

Ny fahaefatra, firenena masimandidy sy manana ny hajany misokatra amin'ny hafa saingy mandala ny maha izy azy.

Firenena mandray anjara amin'ny fiaraha-miasa andafin'ny riaka na eto amin'ny faritra manodidina na amin'ny firaisam-pirenena lavitra kokoa; mahay mampandresy lahatra ny safidiny, sahy miaro ny tombotsoany.

Tsy nofy ririnina ity fihevitra ity na tazan-davitra ny faravodilanitra. Toky no atao, toky omena ireo taranaka fara aman-dimby ary adidy raisina manoloana ny tantara. Ny Fanavaozana Ifotony an'i Madagasikara dia vinam-pirenena te-hisandratra, te-hatanjaka, te-hihevi-baovao mba hamantanan'ireo zanany Tanindrazana sahaza izay andrandrainy ary mendrika ny talentany.

TANJONA ANKAPOBENY SY TANJONA MANOKANA

Ny Fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politikam-panjakana Ankapobeny ho an'ny Fanavaozana Ifotony dia mifangitra amin'ny tanjona lehibe ahitana taratra ireo hetahetan'ny Vahoaka sy ny tinady mifandraika amin'izao vanim-potoana hafakely izao.

Tsotra sady mazava izany tanjona lehibe izany: famerenana filaminana ara-politika sy ara-tsosialy maharitra, famerenana ny fahatokisana ireo Andrimpanjakan'ny Repoblika Malagasy, fandatsahana ny vato fototra mafy orina ho an'ny fampandrosoana mirindra tsimialonjafy, ara-drariny, maharitra ary manaja ny tany tan-dalàna.

Mba hahatrarana izany tanjona lehibe izany dia mamaritra renitsipika enina ny Governemanta:

1. Vonjy taitra ara-tsosialy sy ara-toekarena ary ara-piarovana.

2. Fanarenana ireo Andrimpanjakana sy fanamafisana ny Fanjakana tan-dalàna. Fanatsarana ny fitsarana sy ireo sampam-panaraha-maso ary ireo Andrimpanjakana miantoka ny demokrasia.

3. Fanatanterahana fanovan-drafitra lalina: Fanjakana tsara tantana amin'ny lafiny ara-toekarena, ny hetra, ny tontolo iainana, ny harena voajanahary ary ny raharaham-panjakana.

4. Fanentanana ho amin'ny fandraisana anjaran'ny olom-pirenena, indrindra ho an'ny tanora sy ny vehivavy.

5. Famerenana ny fitokisan'ny mpiara-miombon'antoka eto an-toerana sy any ivelany

6. Fandaminana ny fifampidinihana tsimialonjafy ary fikarakarana fifidianana mahatoky. Ity no vovonan'ny Fanavaozana Ifotony. Ny fikaonan-doham-pirenena dia hampahafantatra ny hetaheta isan-tokony. Ny fifidianana izay hanaraka izany dia ho enti-miantoka ny famindram-pahefana milamina sy lanieram-bahoaka.

SOATOAVINA HITONDRA NY FANAVAOZANA IFOTONY

Ramatoa sy Andriamatoa isany Solombavambahoaka,
Mamelà ahy hampahatsiahy fa ny Fanavaozana Ifotony dia miorina voalohany indrindra amin'ny fototra ara-moraly. Mitaky fiverenana an-doharano amin'ireo soatoavina mandrafitra ny atifanahin'ny firenena malagasy, soatoavina izay efa nandrafitra ny fiaraha-monina teto amintsika hatramin'ny taranaka maro nifandimby. Ireo soatoavina malagasy ireo, latsapaka ao anatin'ny fanao politika sy sosialy no ho fanilon'ny asan'ny Governemanta mandritra ity vanim-potoana hanan-tantara ity.

Voalohany: Fifanajana
Ny fifanajana no fototry ny fiaraha-monina marin-toerana noho ny rariny, indrindra ny fanajana ny olom-pirenena. Fanajana ny maha izy azy, ny zony, ny fahalalahany haneho hevitra, ny tenany ary ny teniny.

Faharoa: Fihavanana
Ny fihavanana no fo mitepon'ny fiaraha-monina Malagasy, satria ny fihavanana no manainga antsika hihoatra ny fisaratsarahana, hitsabo ny ratra politika sy ny fery ara-tsosialy ary handravona indray ny fifampitokisana. Ny fihavanana no hanamafy ny firaisam-pirenena mba tsy hisy hadino eny anjorom-bala.

Fahatelo: Fiaraha-mientana
Tsy ho vitan'ny Governemanta samy irery na ny Andrimpanjakana irery ihany ny Fanavaozana Ifotony. llaina dia ilaina tokoa ny fiaraha-mientan'ny hery velona rehetra:

- ny tanora, loharanon'ny hevi-baovao;

- ny vehivavy, fototry ny fiaraha-monina Malagasy;

- ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, izay mahafantatra akaiky ny zava-misy ifotony;

- ny sehatra tsy miankina, milinan'ny fiharin-karena sy ny famoronana asa;

- ny diaspora Malagasy izay manana ny fahaiza-manaony, ny firaiketam-pony amin'ny Tanindrazana ary ny anjara birikiny amin'ny lafiny samihafa.

Ramatoa sy Andriamatoa Solombavambahoaka,
Ireo soatoavina telo ireo: ny Fifanajana, ny Fihavanana, ny Fiaraha-mientana no fototra etika sy ara-kolotsaina ho antsika Malagasy. Votoatin'ny fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politikam-panjakana Ankapobeny ho an'ny Fanavaozana Ifotony ireo soatoavina ireo. Fanavaozana Ifotony mitodika amin'ny maha Malagasy antsika no sady miatrika ny ho avy ihany koa.

FENITRA IJOROAN'NY GOVERNEMANTA

Ramatoa sy Andriamatoa Solombavambahoaka,
Ny Governemanta dia hisafidy fenitra enina ho torolàlana fototra amin’ny fanapahan-kevitra rehetra, ny fanarenana ombieny ombieny ary ny hetsika isan-tokony.

Voalohany: tsy fandeferana ny kolikoly.
Tsy hisy Fanavaozana lfotony ho tomombana raha tsy fongotra manontolo ny fomba fanao nanimba ny fitokisan’ny vahoaka. Hanao andrimaso manokana izany ny Governemanta amin’ny fanamafisana ny rafitra fanaraha-maso sy fisorohana ary famaizana.

Faharoa: fitondrana tsara tantana
Ny raharaham-panjakana dia tsy maintsy mifanaraka amin’ny fenitra ambony indrindra amin ny fahitsiana, andraikitra ary fahombiazana. Mitaky sampandraharaha matianina ny fanapahan-kevitra mifototra amin’ny tombotsoa iombonana ary fitantanana hentitra ny harem-pirenena ihany koa.

Fahatelo: mangarahara tanteraka sy fandraisana anjaran’ny olom-pirenena.

Hotakiana hatraiza hatraiza ny mangarahara: mangarahara ara-bola, mangarahara amin’ny fampiharana ny politikam-panjakana, mangarahara amin’ny fifaneraserana amin’ny vahoaka.

An’ny Firenena manontolo, fa tsy an’ny Governemanta irery ny Fanavaozana lfotony.
Ny olom-pirenena, ny vondrom-bahoakam-paritra, ny sehatra tsy miankina, ny fiaraha-monim-pirenena ary ny diaspora dia homena anjara amin’ny fanapahan-kevitra, fanaraha-maso ny politika sy ny fandaharan’asa.

Fahaefatra: Asa, Asa ihany, Asa hatrany.
Ity teny ho faneva ity no ho vavolombelon’ny toe-tsaina fifehezan-tena, imatimatesana isan’andro sy mandavan-taona, andraikitra ho an’ny tsirairay sy an’ny rehetra.

Fahadimy: fomba fiasa kinga sy adidy hamoaka vokatra.
Hanome vahana fomba fiasa mifanaraka amin’ny zava-misy izahay, fanapahan-kevitra mifototra amin’ny porofo sy vokatra azo refesina. Ny zava-bita dia hotsaraina araka ny fiantraikany mivantana sy azo tsapain-tànana amin’ny fiainam-bahoaka.

Fahaenina: Fandrindrana sy fanaraha-maso ary fanombanana.
llaina ny firindran’ny asam-panjakana. Ny Minisitera sy Andrimpanjakana rehetra ary ny mpiara-miombon’antoka dia hampifanojo fiaraha-miasa. Rafitra matanjaka amin’ny fanaraha-maso arahin-tombana no hametraka ny fandrefesana ny zava-bita hanitsiana ny lesoka.

Ramatoa sy Andriamatoa Solombavambahoaka,
Tsy fanambaram-pikasana fotsiny ireo fitsipika voatanisa ireo. Izy ireo dia finiavana hentitra, adidy ara-moraly sy ara-drafitra raisin’ny Governemanta eto anatrehan’ny Firenena.

TOROLALANA STRATEJIKA

Ramatoa sy Andriamatoa Solombavambahoaka,
Mba hahatonga ny Fanarenana ho mirindra sy mba hahazoana antoka fa mahomby ny asa ataon'ny fanjakana dia torolàlana stratejika lehibe telo no hanefena ny paikadintsika. Ireo no ho hazondamosin'ny PMO/PGE-R sady hitarika ny politika ampiharina rehetra mandritra ny efatra amby roapolo (24) volana ho avy.

Torolalana 1: Miatrika ny maika sy manamarin-toerana ny Firenena.

Laharana voalohany amin'ny asa ataontsika ny fandraisana andraikitra haingana mba hampiverina ny filaminana ara-tsosialy, ara-toekarena ary eo amin'ny rafi-panjakana. Mifototra amin'ny sehatra telo mifameno izany fanamarinan-toerana izany.

Amin'ny sehatra sosialy: miaro ny vahoaka sy mamerina amin'ny laoniny indray ny tolotra:

- fototra famerenana amin'ny laoniny maika ny tolotra fototra: herin'aratra, rano fisotro madio, fahasalamana, fanabeazana.
- fanamafisana ny filaminam-bahoaka mba hiantohana ny fitoniana sy fandriampahalemana manerana ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara.
- fanamafisana ny tan-tsoroka ho an'ny mponina marefo any amin'ny Faritra Atsimo sy Atsimo-Andrefana izay miatrika krizy miverimberina.

Amin'ny sehatra toekarena: manainga indray ny harin-karena sy miantoka ny fahatantesan-tsedra:

- fanamarinan-toerana ny vidim-piainana mba hiarovana ny fahefa-mividin'ny isan-tokantrano. Fanalalahana ny toekarena amin'ny famongorana ny ampihimamba ny tsenam-barotra anjakan'ny vitsy an'isa sy ny tsimatimanota.
- fampiroboroboana ny harin-karena tsy mialonjafy (andraisan'ny rehetra anjara), mifototra amin'ny famoronana asa, indrindra ho an'ny tanora sy ny vehivavy. Ohatra mivaingana amin'izany: amperin'asa ny Governemanta amin'izao isika miteny izao mba hirosoana amin'ny fametrahana ny PAIKADY momba ny fampiharana ny fampananan'asa ny Malagasy eny ifotony amin'ny fanatanterahana ireo tetikasa vatsian'ny Banky Iraisam-pirenena vola.
- fanaingana indray ireo sehatra mamokatra: fambolena sy fanodinam-bokatra ho sakafo, fizahantany, asa tànana ary varotra ivelany.
- fampiroboroboana ny fampiasam-bola amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany, tomponandraikitra sy mangarahara, manome lanja ny tamberin'andraikitra sy tombotsoa mazava ho an'ny fiaraha-monina ifotony ary fanarahana fenitra ara-tontolo iainana. Fanamafisana ny tahiry amin'ny vola vahiny (réserves de change) mba hampatanjaka ny hanamarinana ny toekarena (stabilité macroéconomique).

Amin'ny sehatra fitantanana sy fitondrana: mamerina ny fahitsiana sy ny fitokisana ny Fanjakana.

- Fanokafana fanadihadiana amin'ny ady amin'ny fanodinkodinam-bolam-bahoaka, ny asa tsy ara-dalàna ary ny kolikoly, miaraka amin'ny famerenana amin'ny fanjakana ny harena sy vola azo tamin'ny tsy rariny.

- Fampiasana ampiheverana sy ampahamarinana ny volam-panjakana sy fifehezana akaiky ny fandaniana.
- Fandrafetana ny fanaovana nomerika (digitalisation) ny fikirakirana ny asam-panjakana mba ho haingana, mahomby ary mangarahara.
- Fampiroboroboana ny tamberin'andraikitra, ny seraseran'ny Andrimpanjakana tomponandraikitra ary ny kolotsain'ny vokatra mazava sy azo refesina.

Ireo fepetra maika ireo dia mikendry ny hanamarin-toerana ny firenena, hampitony ary hametraka ny fepetra rehetra ilaina amin'ny tetezamita demokratika mendrika sy fakan-tahaka.

Torolàlana 2: Manatanteraka fanorenana ara-drafitra lalina.
Tsy ampy ny fanamarinan-toerana fotsiny raha tsy arahina fanovàna maharitra.

Noho izany, ny laharam-pahamehana stratejika faharoa dia ny fanavaozana lalina ny rafitra politika, ny Andrimpanjakana, ny lalàna ary ny toekarena eto amin'ny firenena.

Anisan'ireo fanavaozana ireo ny:

- Fanavaozana ny Lalàmpanorenana sy ireo didy aman-dalàna mba hanamafisana ny firindran'ny rafitra Andrimpanjakana sy hanomezana azy fahamatorana.
- Fanamafisana ireo sampam-panjakana mpanara-maso sy mpanamarina izay tsy maintsy eo afovoan'ny fitantanana madio, mangarahara ary tomponandraikitra.
- Fanatanterahana marina ny fitsinjaram-pahefana mba hahazoan'ny Faritra sy Kaominina fitantanana akaiky kokoa ny vahoaka, mahomby ary mirindra amin'ny rariny.
- Fanovàna ara-kajy mirindra ny asam-panjakana mba hanaraka ny vanim-potoana ankehitriny ny tolotra ho an'ny vahoaka, hampihenana ny fahataràna amin'ny fanatanterahana ny asam-panjakana ary hiadiana amin'ny kolikoly.
- Fanatsarana ny tontolon'ny fandraharahana mba hisarihana fampiasam-bola, hanentanana ny hevi-baovao sy hanohanana ny fandraharahana tsy miankina.
- Fampivelarana toekarena maitso sy manga lovainjafy mahatanty ny sedran'ny fiovan'ny toetr'andro ary afaka mifaninana amin'izao tontolo izao amin'ny fiatrehana ny fiovaovàna ara-tontolo iainana.
- Fanamafisana ny fitantanana ny loza sy ny voina voajanahary ao anatin'ny firenena marefo amin'ny fiovaovàn'ny toetr'andro sy ny loza voajanahary maro samihafa.

Ireo fanarenana ireo no fototra tsy maintsy ilaina amin'ny fananganana Repoblika manaraka ny vanim-potoana lovainjafy ary mitsinjo ny ho avy.

Torolàlana 3: Fikarakarana fifidianana marina, mangarahara ary andraisan'ny rehetra anjara.

Ny torolàlana stratejika fahatelo amin'ny Fanarenana dia mifantoka amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny fahefana demokratikan'ny vahoaka malagasy amin'ny alàlan'ny zotram-pifidianana marina sy azo itokisana.

Dingana lehibe telo no hanatanterahana izany:
1. Fikarakarana Fikaonandoham-pirenena handraisan'ny rehetra anjara, hihainoana sy hanangonana ny feon'ny sehatra sy vondrom-piaraha-monina rehetra tsy ankanavaka.
2. Fanavaozana ny tontolon'ny didy aman-dalàna momba ny fifidianana sy ny antoko politika mba hiantohana ny mangarahara, ny rariny ary ny fanavaozana mifanaraka amin'ny vanim-potoana.
3. Fanavaozana lalina ny CENI miaraka amin'ny fanovàna ara-kajy mirindra feno sy azo antoka ny dingana manontolo amin'ny fifidianana.

Rehefa vita ireo dingana ireo dia hotanterahina misesy ireto:

- Fitsapan-kevibahoaka momba ny Lalàmpanorenana izay ahafahan'ny vahoaka maneho mivantana ny fijeriny momba ny rafitra hanorenana ny firenena.
- Fifidianana ny Filohan'ny Repoblika vaovao.

Ireo fifidianana ireo no ho famarananay Governemanta amin'ny fomba mendrika ny dingan'ny fanavaozana sady ho fototra iorenan'ny fitoniana ara-politika maharitra eto Madagasikara.

TETIANDRON'NY ROA TAONA FANAVAOZANA IFOTONY HIKARAKARANAY NY FIFIDIANANA

Ramatoa sy Andriamatoa Solombavambahoaka,
Ity tetiandro manaraka ity no mamaritra ireo dingana lehibe hodiavintsika mandritra ny 24 volana farafahaelany satria izay no fetra nomena anay.

1- Fikaonandoham-pirenena: - Volana 1 hatramin'ny volana faha-6.

Ny Fikaonandoham-pirenena no fanahin'ny Fanavaozana lfotony. Fo sy saina mivelatra, vonona hihaino no hitondrana ny Fikaonandoham-pirenena. Sehatra hanangonana ny hevitra, tolo-kevitra eny fa na ny ahiahy aza avy amin'ny sokajin'olona rehetra eto amin'ny firenena koa izany.

2- Fanavaozana ny rafitra ara-pifidianana: - Volana faha-6 ka hatramin'ny faha-12 volana.

Avy amin'ny sosokevitra avoitran'ny Fikaonandoham-pirenena no hanombohan'ny Governemanta ny fanitsiana ny rafitra ara-dalàna momba ny fifidianana sy ny antoko politika mba hiantohana fifidianana mangarahara ary azo itokisana, mifanaraka amin'ny fenitra demokratika iraisam-pirenena.

3. Fitsapan-kevibahoaka momba ny Lalàmpanorenana: - Volana faha-12 ka hatramin'ny faha-15 volana.

Hisy latsabato ho fitsapan-kevibahoaka mba hanitsiana ny Lalàmpanorenana ho fanamafisana ny Fanjakana tan-dalàna.

4. Fifidianana Filohampirenena: - Volana faha-15 ka hatramin'ny faha-18 volana.

Aorian'ny fanavaozana ny lalàna ara-pifidianana sy ny fitsapan-kevibahoaka dia hotanterahina ny fifidianana Filohampirenena. Ity fifidianana ity no hanehoan'ny vahoaka Malagasy ny safidiny mahefa.

5. Famindram-pahefana: - Volana faha-18 ka hatramin'ny faha-24 volana.

Farany, araka ny fitsipika demokratika sy repoblikana dia hitsahatra amin'ny famindram-pahefana milamina sy voarindra amin'ny mpitondra vaovao voafidy ara-pomba demokratika ny Fanavaozana Ifotony izahay mpikambana ao amin'ny Governemanta.

6. Fanangonana loharanom-bola.

Marina fa ny fanangonana loharanom-bola dia mandritry ny fanatanterahana ireo dingana 5 voalaza rehetra ireo.

Ramatoa sy Andriamatoa Solombavambahoaka, ry havana; natao hifandraika amin'ny zava-misy mazava ary tsotra sady mifanaraka amin'ny fepetra ara-drafitra ity tetiandro ity; na izany aza, azo amboarina ny tetiandro raha ilaina araky ny vokatry ny Fikaonandoham-pirenena. Tafita ny tanjona rehefa mifanandrify ny hevitra ka mahatsiaro ho tompony ny olom-pirenena rehefa tafapetraka maharitra ny fitoniana sy filaminana, rehefa eken'ny rehetra fa mendrika tsy nivaona ary mahatoky izay asa vita.

FEHINY

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena;
Ianareo mpikambana amin'ny Birao Maharitra;
Andriamatoa sy Ramatoa Solombavambahoaka hajaina;
Ianareo Malagasy havana mpiray tanindrazana amiko.
Isika miaraka no hanavao an'i Madagasikara.

Alao hery àry fa ny taotrano tsy efan'ny irery, ny mitabe tsy lanin'ny mamba ary ny akanga maro tsy vakin'amboa.

Misaotra Tompokolahy,
Mankatelina Tompokovavy.

- Tehaka-

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra anao, Andriamatoa Praiminisitra, tamin'izay famelabelarana sy fanoritsoritana ny fandaharan'asan'ny Governemanta nataonao teo izay.

Miangavy anao mba handray ny toeranao, Andriamatoa Praiminisitra.

**- 3 -**

**- Fiatoan'ny fivoriana -**

**Andriamatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, hiato ny fivoriana amin'izao fotoana izao.

Maneho fisaorana anao sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta izahay, Andriamatoa Praiminisitra, noho ny fotoana niarahana nitafa sy nidinika taminay teto. Mbola manantena koa izahay ny hisian'ny fiaraha-miasa hatrany eo amintsika.
Mitsodrano anao sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, mirary anareo hahatontosa antsakany sy andavany ny andraikitra makadiry napetraka eo an-tsorokareo.

Mialohan'ny hiatoan'ny fivoriana, iangaviana ny Mpampakateny hampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka.

**Ramatoa RAHARIMANARIVO Voahanginiaina Berthine**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Toy izao indray no ho tohin'ny fandaharam-potoanantsika Solombavambahoaka:
Anio hariva amin'ny 5 ora, hisy ny asam-baomiera hanendrena ireo ho mpikambana ao amin'ny Vaomiera misahana ny Fiampangana manoloana ny Fitsarana Avo, hatao ao amin'ny "Salle BP".
Ny Alarobia 19 Novambra 2025 amin'ny 10 ora, maraina, fivoriambe ho fanolorana ny Volavolan-dalàna laharana faha-015/2025 tamin'ny 29 Oktobra 2025 "portant Loi de Finances Initiale pour 2026" hataon'Andriamatoa Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Toekarena ato amin'ny "Salle des Séances".
Ny tolak'andro amin'ny 3 ora, hisy ny asam-baomiera hatao ao amin'ny "Salle BP", ka ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana ary ny Vaomieran'ny Lalàna no voakasika amin'izany.
Manentana antsika ho tonga mavitrika amin'ny fanatrehana ireo fivoriana ireo.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**

Isaorantsika ny Mpampakateny tamin'ny fampahatsiahivana nataony teo.

Ambarako fa miato hatreo ny fivoriantsika.

Niato tamin'ny 11 sy 25 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

**NY FILOHA**

ASSEMBLEE NATIONALE

**RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry**